



Fanomanana ny fiterahana




Fanatanjahan-tena mandritra ny fitondrana vohoka



TOKANTRANO SAMBATRA


Manatona Tobimpahasalamana aho ahazoako torohevitra hahatonga ny fitondrana vohoka ho traikefa tsara ho ahy sy ny zanako ho avy. Entiko miaraka amiko ny vadiko ary manohana ahy ny fianakaviako. Ampihariko ny torohevitra ny mpiasan'ny fahasalamana.





FITONDRANA VOHOKA

Manome ahy toromarika mahakasika ny fitondrako vohoka sy ny fahaterahako ity bokikely ity.



Mitombo ato an-kiboko mandritra ny 9 volana ny zanako

Mandritra ny fitondrana vohoka




Miova ny vatako sy ny fietseham-poko



Miresaka amin'ny zanako sady manafosafo ny kiboko ary mihaino ahy izy

Amin'ny ankapobeny, mizotra tsara ny fitondrana vohoka saingy indraindray, mety hisy ny olana.



Manatona Tobimpahasalamana avy hatrany raha vao misy ny iray amin'ireto tranga ireto :



Marary loha, fanina



Mafana hoditra, sempotra



Marary vavony



Mangidihidy ny fivaviana, manaintaina ny an-doha vaniha



Mitombo lanja tampoka, mivonto ny tarehy, ny tanana ary ny tongotra



Misy rà mandeha ny fivaviana



Mifanintontsintona



Mianjera



Tsy mihetsika ny zaza ao am-bohoka




Miomana amin'ny fiterahana aho


Vonona hatrany hanatona tobimpahasalamana aho hatrika ny fiterahako miaraka amin'ny vadiko sy ny fianakaviako.

Manapa-kevitra izahay mandritra ny fitondrana vohoka :

Aiza ny toerana hiterahana



Eny amin'ny CSB



Eny amin'ny hôpitaly

Iza no miaraka amiko ?



Ny vadiko



Ny rafozako na ny reniko



Ny zaobaviko, ny iray tampo na ny namako

Ahoana no iatrehana ny fandaniana mandritra ny fiterahako ?



Mitahiry vola ao an-trano



Mindram-bola amin'ny fianakaviana



Miditra fikambanana M-Tomady


Ahoana no fomba ahatongavako eny amin'ny Tobimpahasalamana rehefa hiteraka ?



Mandeha tongotra



Cyclo-pousse



Moto



Bajaj na Tuc tuc



Fiarakaretsaka na Taxi



Fiara fitateram-bahoaka



Lakana

Inona avy ny no tokony ho entiko hiteraka ?




Lamba




Akanjon-jaza



Siny, koveta



Salaka madio




Savony, vera, lay, kojakoja an-dakozia, vatsy, terimosy



Karine fitsapana

Manaraka tsara ny fiomanana ara-piterahana aho.





Salama aho mandritra ny fitondrana vohoka


Mihinana sakafo ara-pahasalamana miovaova sy maro loko ary voalanjalanja.



MIHINANA SAKAFO ARA-PAHASALAMANA MIOVAOVA SY MARO LOKO ISAN'ANDRO



"Ny Fanjarantsakafo lavorary, antoky ny fampandrosoana maharitra"



Mandro isan'andro aho



Miborosy nify in-telo isan'andro isaky ny avy misakafo aho



Manasa voankazo sy legioma amin'ny rano madio sy savony aho



Manasa tanana matetika amin'ny rano madio sy savony aho



Manasa fitaovam-pihinanana sy fitaovan-dakozia amin'ny rano madio sy savony aho



Manao fanatanjahan-tena tsy tapaka aho




Misoroka ny asa mafy aho



Manadio trano aho



Misotro rano madio 2-3 litatra isan'andro aho



Matory ao anaty lay misy odimoka aho. Miala sasatra aho rehefa vizana



Tsy mandray zava-mahadomelina aho



Tsy tokony andalovan'ny setroka sigara




Misoroka ny asa mafy aho



Tsy misotro Kafe/cola



Tsy mihinana zava-mamy be loatra aho



Tsy mihinana biriky

Manatona Tobimpahasalamana aho hisafo

Manatona Tobimpahasalamana farafahakeliny im-balo aho ahazoako torohevitra mahakasika ny fitondrana vohoka sy ny fiterahana ahafahana manara-maso ny fahasalamako sy ny zaza ao an-kibo sy mitsabo ny aretina raha misy izany. Arahiko an-tsakany sy an-davany ny toromarika omen'ny mpiasan'ny fahasalamana.



Fizahana mandritra ny fitondrana vohoka



Madio sy milamina ny efitrano fizahana.

Miarahaba ahy sy mampahafantatra ny tenany ny mpiasan'ny fahasalamana, manazava amiko ny fomba fitsaboana ary mangataka ny fanekeko.

Mametraka fanontaniana amiko ny mpiasan'ny fahasalamana ary manao ny fitsapana mifandraika



Halavana


Lanja

Tosi-drà

Hafanana



Fitiliana VIH, Sifilis, tazomoka, tsy fahampian-drà



Fitiliana ny tahan'ny siramamy



Fandrefesana kibo sy ny fitepon'ny fon'ny zaza ao am-bohoka




Ekografia hamantarana ny daty iterahana sy hanaraha-maso ny fivoaran'ny fitombon'ny zaza



Manome ny tetiandro iverenako eny amin'ny Tobimpahasalamana



Mijanona ho tsiambaratelo ny zavatra rehetra noresahina



Fanaovana vaksiny fanefitry ny tetanosy sy difteria
Fihinanana pilifera/pilina fanombohery
Fihinanana SP iarovana amin'ny tazomoka
Fihinanana odikankana
Fatoriana anaty lay misy odimoka
Fitiliana ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo.



Miteraka eny amin'ny Tobimpahasalamana aho

Amin'ny ankapobeny, mizotra tsara ny fiterahana saingy indraindray, mety hisy ny olana. Ilaina hatrany ny manatona tobimpahasalamana.



Mandritra ny fiterahana

Manaraka ny toromariky ny rasazy aho. Afaka misafidy ny olona miaraka amiko aho hanotro ahy amin'ny fiterahako.



Famantarana fa hoteraka

Manatona tobimpahasalamana avy hatrany aho raha sendra :




Vaky ranon-doha



Fambara mandeha



Mihetsi-jaza isaky ny 20 minitra




Misy ny fanaintainana mandritra ny 5-30 minitra aorian'ny fiterahana ivoahan'ny ahitra. Miditra an-tsehatra ny mpiasan'ny fahasalamana raha toa ka tsy mivoaka ny ahitra.

Mandritry ny fiterahana



Afaka mihetsika aho




Mandrefy ny mari-pana, ny tosidrà, ny kibo sy mihaino ny fitempon'ny fon'ny zaza ao am-bohoka ny mpiasan'ny fahasalamana ary mitsapa ny lalan-jaza.



Ampinonoiko avy hatrany ny zanako vantany vao teraka aho hifampikasohan'ny hoditray mianaka izarako fitiavana sy hafanana aminy.

Mikarakara ahy sy ny zanako izahay

Manatona tobimpahasalamana izahay mianaka hanao fizahana aorian'ny fiterahana ahafahana mahazo ireo torohevitra ara-pahasalamana.



Ampatoriako ao anaty lay misy odimoka, tsy misy ondana na kilalao manakaiky azy ny zanako



Nonoko irery ihany no omeo ny zanako hatramin'ny faha enim-bolany



Ataoko mifampikasoka hoditra amiko ny zanako



Manasa tanana amin'ny rano madio sy savony aho mialoha ny hikarakarako ny zanako




Ampandroiko amin'ny rano madio aorian'ny 6 ora niterahako ny zanako. Tandrovana tsy ho lena ny foitra



Mibitsibitsika aminy aho, miresaka aminy, mihira, mitsiky aminy aho...




Mihinana Tsara aho



Izaho sy zanako matory ao anatin'ny lay misy fanafody moka



Manampy ahy amin'ny fikarakarana zaza sy ny raharaha ao an-trano ny vadiko sy ny manodidina ahy




Manatona tobimpahasalamana avy hatrany aho raha sendra :



Marary loha, maneno ny sofina



Manavy, malemy



Hatsatra, tsy ampy rà



Manaintaina ny an-doha vaniha



Sahirana mamany aho ary tsy mahatana amany



Mandeha rà tsy tapaka



Mifanintona



Manaintaina sy mivonto ny tongotra



Malahelo aho ary te hitomany mandritry ny fotoana ela

Entiko haingana eny amin'ny tobimpahasalamana ny zanako raha sendra :



Mifanintona



Zaza mafana na mangatsiaka, semposempotra



Miloko mena ny foitra ary maimbo




Mandà ny fampinonoana, mihen-danja

Manantona tobimpahasalamana aho aorian'ny fiterahako ahafahako mahazo torohevitra mahakasika ny fandrindrana fiainam-pianakaviana isorohako ny vohoka mifanesy.


Fandrindrana fiainam-pianakaviana




MAMA




Fimailo




Pilina




Implant



Tsindrana



DIU



Fomba natoraly




Fanisana andro

ZAVA-DEHIBE

Misoroka ny vohoka tsy nirina sy ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo, anisan'izany ny VIH/SIDA ny fampiasana kapaoty

source OMS



Daty

Fihaonana

Naoty